REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*
------------
MINISTERE DE LA FONCTION PUBLIQUE, DU TRAVAIL ET DES LOIS SOCIALES
----------

# DECRET N 2007 - 450
fixant les horaires de travail effectif dans les services publics

## LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT,

- Vu la Constitution ;
- Vu la loi n°94-025 du 17 novembre 1994 portant statut général des agents non encadrés de l'Etat ;
- Vu la loi n°2003–011 du 3 septembre 2003 portant statut général des fonctionnaires et les textes subséquents ;
- Vu la loi n°2003-044 du 28 juillet 2004 portant Code du Travail et les textes subséquents ;
- Vu la loi n°2004-001 du 17 juin 2004 relative aux Régions ;
- Vu le décret n°2003-1158 du 17 décembre 2003 portant code de déontologie de l'administration et de bonne conduite des agents de l'Etat ;
- Vu le décret n°2007-022 du 20 janvier 2007 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2007-025 du 25 janvier 2007 modifié par le décret n°2007-120 du 19 février 2007 portant nomination des Membres du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2007- 209 du 6 mars 2007 fixant les attributions du Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;
- Après avis du Conseil Supérieur de la Fonction Publique en date du 21 mai 2007 ;
- Sur proposition du Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales,
- En conseil de Gouvernement,

**D E C R E T E :**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*
------------
MINISITERAN'NY ASAM-PANJAKANA, NY ASA ARY NY LALANA SOSIALY
----------

# DIDIM-PANJAKANA laharana faha-2007-450
mametra ny fotoana tena iasana eny amin'ny sampandraharaham-panjakana

## NY PRAIMINISTRA, LEHIBEN'I GOVERNEMANTA,

- Araka ny Lalampanorenana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-94-025 tamin'ny 17 novambra 1994 anaovana ny sata ankapobe ny mpiasa tsy raikitra amin'ny Fanjakana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-.2003-011 tamin'ny 03 septambra 2003 anaovana ny sata ankapobe ny mpiasam-panjakana sy ny rinjanteny taty aoriana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2003 anaovana fehezan-dàlana momba ny asa sy ny rinjanteny taty aoriana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-2004-001 tamin'ny 17 jona 2004 mikasika ny Faritra ;
- Araka ny didim-panjakana. laharana faha-2003-1158 tamin'ny 17 desambra 2003 anaovana ny fehezan-dalàna momban'ny fitandroana ny hasin'ny asa ao amin'ny fitondra-panjakana sy ny fitondran-tena tsara ny mpiasam-panjakana ;
- Araka ny didim-panjakana. laharana faha-2007-022 tamin'ny 20 janoary 2007 manendry ny Praiministra, Lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2007-025 tamin'ny 25 janoary 2007 novan'ny Didim-pajakana laharana faha-2007-120 tamin'ny 19 febroary 2007 manendry ny Mambran'ny Governemanta ;
- Araka ny Didim-panjakana. laharana faha-2007-209 manondro ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;
- Rehefa nahazo ny hevitrin'ny Filan-kevitra Ambony ny Asam-panjakana tamin'ny 21 may 2007 ;
- Araka ny tolo-kevitry ny Ministry ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy ;
- Eo am-pivorian' ny Governemanta,

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO :**

**Article premier** : Le présent décret détermine les horaires de travail effectif dans les services publics et en fixe les modalités générales d'application.

Le présent décret prend effet, à compter du 01 Juillet 2007.

Dans le présent décret, on entend par services publics, les services des départements institutionnels et ministériels ainsi que ceux des établissements publics nationaux.

**Article 2** : La durée hebdomadaire de travail effectif des services publics est fixée à quarante (40) heures, de huit (8) heures par jour du lundi au vendredi.

**Article 3** : La durée de travail effectif s'entend comme le temps pendant lequel l'agent est à la disposition de son chef hiérarchique et doit se conformer à ses directives sans pouvoir vaquer librement à des occupations personnelles.

Elle est normalement comprise entre neuf heures (9h00) et dix sept heures (17h00) en journée continue incluant une pause déjeuner de trente (30) minutes considérée comme temps de travail effectif.

**Article 4** : Les modalités d'application du présent décret par branche d'activités spécifiques sont déterminées, selon le cas par arrêté conjoint du Ministre ou du Chef de Région intéressé et du Ministre chargé de la Fonction Publique.

**Article 5** : Le Ministre de l'Intérieur, le Ministre auprès de la Présidence de la République chargé de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire, le Ministre de la Défense Nationale, le Ministre de la Justice, le Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales, le Ministre des Finances et du Budget, le Ministre de l'Environnement, des Eaux et Forêts, le Ministre des Affaires Etrangères, le Ministre de la Santé et du Planning Familial, le Ministre de l'Education Nationale et de la Recherche Scientifique, le Ministre de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche, le Ministre des Sports, le Ministre des Télécommunications, des Postes et de la Communication, le Ministre des Travaux Publics et de la Météorologie, le Ministre de l'Economie, du Plan, du Secteur Privé et du Commerce, le Ministre des Transports et du Tourisme, le Ministre de l'Energie, le Ministre des Mines, le Vice Ministre de la Santé et du Planning Familial, le Vice Ministre de l'Education Nationale et de la Recherche Scientifique, le Vice Ministre de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche, le Secrétaire d'Etat auprès du Ministère de l'Intérieur chargé de la Sécurité Publique, le Secrétaire d'Etat auprès du Ministère des Télécommunications, des Postes et de la Communication chargé de la Culture et des Loisirs sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au Journal Officiel de la République.

**Andininy voalohany :** Ity didim-panjakana ity dia mametra ny mametra ny fotoana tena iasana eny amin'ny sampandraharaham-panjakana ary ny fombafomba ankapobeny ho fampiharana izany.

Manankery ity didim-panjakana ity manomboka ny 01 jolay 2007.

Amin'ity didim-panjakana ity, ny atao hoe sampandraharaham-panjakana dia ny sampandraharahan' 'ny andrim-panjakana sy ny ministera ary koa ireo izay any amin'ny antokon-draharaham-panjakana eto amin'ny firenena.

**Andininy faha-2 :** Ferana ho efapolo (40) ora isan-kerinandro, ka valo (8) ora isan'andro manomboka ny alatsinainy ka hatramin'ny zoma ny fotoana tena iasana eny amin'ny sampandraharaham-panjakana.

**Andininy faha-3 :** Ny atao hoe faharetan'ny fotoana tena iasana dia tahaka ny fotoana izay iasan'ny mpiasa eo ambany fifehezan'ny lehibeny, ka tsy maintsy anarahany ny toromarika omena, ka amin'izany, dia tsy afaka hanao ankalalahana asa hafa manokana ho azy ilay mpiasa.

Araka ny tokony ho izy dia atao eo anelanelan'ny amin'ny sivy ora (9 ora) maraina sy amin'ny dimy ora (5 ora) tolakandro tsy miato izany, ka efa ao anatin'izany ny fitsaharana hisakafoanana telopolo (30) minitra izay heverina fa ao anatin'ny fotoana tena iasana.

**Andininy faha-4 :** Ny fombafomba fampiharana an'ity didim-panjakana ity isaky ny sampan'asa manokana dia ferana, araka ny fitrangany, amin'ny alalan'ny didim-pitondrana iarahan'ny Minisitra na ny Lehiben'ny Faritra voakasik'izany sy ny Minisitra miadidy ny Asam-panjakana.

**Andininy faha-4** : Ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ao amin'ny Fiadidian'ny Repoblika miadidy ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny tany, ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy, ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola, ny Minisitry ny Tontolo iainana sy ny Rano sy ny Ala, ny Minisitry ny Raharaham-bahiny, ny Minisitry ny Fahasalamana sy ny Fandrindrana ny Fiainam-pianakaviana, ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena sy ny Fikarohana Siantifika, ny Minisitry ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Fanjonoana, ny Minisitry ny Fanatanjahan-tena, ny Minisitry ny Fifandraisan-davitra, ny Paositra,ary ny Fifandraisana, ny Minisitry ny Asa Vaventy sy ny Famantarana ny Toe-trandro, ny Minisitry ny Toe-karena, ny Teti-pivoarana, ny Sehatrasa tsy miankina amin'ny Fanjakana sy ny Varotra, ny Minisitry ny Fitaterana sy ny Fizahan-tany, ny Minisitry ny Angovo, ny Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany, ny Minisitra Lefitrin'ny ny Fahasalamana sy ny Fandrindrana ny Fiainam-pianakaviana, ny Minisitra Lefitrin'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Fikarohana Siantifika, ny Minisitra Lefitrin'ny ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Fanjonoana, ny Sekreteram-panjakana ao amin'ny Minisiteran'ny ny Atitany miandraikitra ny Filaminam-bahoaka, ny Sekreteram-panjakana ao amin'ny Minisiteran'ny Fifandraisan-davitra, ny Paositra, ary ny

Fifandraisana miandraikitra ny Kolon-tsaina sy ny Fialam-boly, no miadidy, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao, izay havoaka ao amin'ny Gazetim-panjakanan'ny Repoblika.

Fait à Antananarivo, le 21 mai 2007

Natao teto Antananarivo, ny 21 may 2007

| | |
|---|---|
| PAR LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT, | AVY NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOUVERNEMANTA |
| Charles RABEMANANJARA | Charles RABEMANANJARA |
| Le Ministre de l'Intérieur | Ny Minisitry ny Atitany |
| Charles RABEMANANJARA | Charles RABEMANANJARA |
| Le Ministre auprès de la Présidence de la République chargé de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire | Ny Minisitry ao amin'ny Fiadidian'ny Repoblika miadidy ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny tany Le |
| Yvan RANDRIANSANDRATRINIONY | Yvan RANDRIANSANDRATRINIONY |
| Le Ministre de la Défense Nationale | Ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, |
| Petera BEHAJAINA | Petera BEHAJAINA |
| Le Garde des Sceaux, Ministre de la Justice | Ny Mpitahiry ny Fitombokase, Minisitry ny Fitsarana, |
| Lala Henriette RATSIHAROVALA | Lala Henriette RATSIHAROVALA |
| Le Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales | Ny Minisitry ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy |
| Jacky Mahafaly TSIANDOPY | Jacky Mahafaly TSIANDOPY |
| Le Ministre des Finances et du Budget | Ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola |
| Andriamparany Benjamin RADAVIDSON | Andriamparany Benjamin RADAVIDSON |
| Le Ministre de l'Environnement, des Eaux et Forêts | Ny Minisitry ny Tontolo iainana sy ny Rano sy ny Ala |
| Bernard KOTO | Bernard KOTO |
| Le Ministre des Affaires Etrangères | Ny Minisitry ny Raharaham-bahiny |
| Marcel RANJEVA | Marcel RANJEVA |
| Le Ministre de la Santé et du Planning Familial | Ny Minisitry ny Fahasalamana sy ny Fandrindrana ny Fiainam-pianakaviana |
| Robinson JEAN LOUIS | Robinson JEAN LOUIS |
| Le Ministre de l'Education Nationale et de la Recherche Scientifique | Ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena sy ny Fikarohana Siantifika |
| Haja Nirina RAZAFINJATOVO | Haja Nirina RAZAFINJATOVO |
| Le Ministre de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche | Ny Minisitry ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Fanjonoana |
| Marius RATOLOJANAHARY | Marius RATOLOJANAHARY |

| | |
|---|---|
| Le Ministre des Sports | Ny Minisitry ny Fanatanjahan-tena |
| Philémon Michel RABARISON | Philémon Michel RABARISON |
| Le Ministre des Télécommunications, des Postes et de la Communication | Ny Minisitry ny Fifandraisan-davitra, ny Paositra,ary ny Fifandraisana, |
| Bruno Ramaroson ANDRIANTAVISON | Bruno Ramaroson ANDRIANTAVISON |
| Le Ministre des Travaux Publics et de la Météorologie | Ny Minisitry ny Asa Vaventy sy ny Famantarana ny Toe-trandro |
| Roland RANDRIAMAMPIONONA | Roland RANDRIAMAMPIONONA |
| Le Ministre de l'Economie, du Plan, du Secteur Privé et du Commerce | Ny Minisitry ny Toe-karena, ny Teti-pivoarana, ny Sehatrasa tsy miankina amin'ny Fanjakana sy ny Varotra |
| Harison Edmond RANDRIARIMANANA | Harison Edmond RANDRIARIMANANA |
| Le Ministre des Transports et du Tourisme | Ny Minisitry ny Fitaterana sy ny Fizahan-tany, |
| Julien Ravelonarivo LAPORTE | Julien Ravelonarivo LAPORTE |
| Le Ministre de l'Energie | Ny Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany |
| Patrick RAMIARAMANANA | Patrick RAMIARAMANANA |
| Le Ministre des Mines | Ny Minisitry ny Angovo |
| Olivier Donat ANDRIAMAHEFAPARANY | Olivier Donat ANDRIAMAHEFAPARANY |
| Le Vice Ministre de la Santé et du Planning Familial | Ny Minisitra Lefitrin'ny ny Fahasalamana sy ny Fandrindrana ny Fiainam-pianakaviana |
| Marie Perline RAHANTANIRINA | Marie Perline RAHANTANIRINA |
| Le Vice Ministre de l'Education Nationale et de la Recherche Scientifique | Ny Minisitra Lefitrin'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Fikarohana Siantifika |
| Cécile MANOROHANTA | Cécile MANOROHANTA |
| Le Vice Ministre de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche | Ny Minisitra Lefitrin'ny ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Fanjonoana |
| Harifidy Jean Seth Alin RAMISON | Harifidy Jean Seth Alin RAMISON |
| Le Secrétaire d'Etat auprès du Ministère de l'Intérieur chargé de la Sécurité Publique | Ny Sekreteram-panjakana ao amin'ny Minisiteran'ny ny Atitany miandraikitra ny Filaminam-bahoaka |
| Désiré RASOLOFOMANANA | Désiré RASOLOFOMANANA |
| Le Secrétaire d'Etat auprès du Ministère des Télécommunications, des Postes et de la Communication chargé de la Culture et des Loisirs. | Ny Sekreteram-panjakana ao amin'ny Minisiteran'ny Fifandraisan-davitra, ny Paositra, ary ny Fifandraisana miandraikitra ny Kolon-tsaina sy ny Fialam-boly |
| Hermann RAZAFINDRAVELO | Hermann RAZAFINDRAVELO |